

TORITENY - ALAHADY faha-7 PAKA - TAONA D



“Ray masina ô, tsy ho azy ireto ihany no angatahako, fa ho an’izay hino Ahy noho ny teniny koa: mba ho iray izy rehetra, tahaka Anao, Ray ato amiko, ary Izaho ao aminao,

Ry kristianina havana, amin'izao Alahady faha-fito ny Paka izao dia ny hafatr'i Jesoa na marimarina kokoa ilay vavaka lavabe nataon'i Jesoa ho an'ny mpianany sy ho antsika rehetra no vakintsika. Fantantsika fa amin'ny Alahady hoavy izao no hankalazantsika ny pantekôty izany hoe fahaterahan' ny Eglizy . Teraka izy dia hirahina ka hitondra hafalian'ny vaovao mahafaly, hitory ny famindrampon'Andriamanitra tahaka an'i Kristy niala tany an-danitra tonga eto anivontsika mba ho famindram-po izy ilay endriky ny famindrampon'Andriamanitra. Ka androany isika amin'izao Alahady faha-fito fankalazana ny Paka, manao ny vavaka nataon'i Jesoa izay anambarany fa tsy maintsy hatrehintsika mianakavy ny fiainana anivon'izao tontolo

izao nefa tsy anisan'izao tontolo izao isika.

Fantatr'i Jesoa fa noho ny fakam-panahy izay nianjady amintsika tokoa, izay mitarika atsika misara-bazana, olombelona tokoa isika, fantany ny toetrantsika ka nanao ilay vavaka nitodika tamin'ny Ray izy nangataka mba ho iray tokoa isika izany hoe samy manana ny maha-izy azy

Vakiteny I : Asa 7, 55-60

Salamo : Sal. 96

Vakiteny II : Apôk. 22, 12-14. 16-17. 20

Evanjely : Jo. 17, 20-26

kanefa afaka miombona ary izay fiombonana izay ny maha-Eglizy ny Eglizy, olo araiky sy fianakavian'Andriamanitra ka mivavaka mba ho iray tokoa ny mpianany.

Izay no nataon'i Jesoa mba ho iray tokoa isika rehetra hiombona ao aminy tokoa isika, izy no mampivondrona atsika. "Tahaka ny maha iray atsika amin'ny Ray no aoka hampiray azy ireo koa" izay no vavaka nataony ho antsika satria izy no mampivondrona tokoa ary izy no mampiombona atsika ao aminy. Io vavaka nataon'i Jesoa io no iombonantsika aminy tokoa, tahaka ny fiombonany izy sy ny Ray no aoka hampiombona atsika, izy izany no mampiombona atsika. Tahaka ny nanirahan'ny Ray azy no anirahany atsika. Io fiombonana io ihany koa izany no maha-Eglizy ny Eglizy no sady famantarana farantampony amin'ny maha mpianany atsika. Izay no hahafantaran'izao tontolo izao fa mpianany tokoa isika. Hoy ny Philosophe anankiray raha nanambara rehefa nanontaniana ny finoana Kristianina izy, zavatra anankiroa no hahatonga ahy hino anareo Kristianina satria tsy mpivavaka ilay Philosophe : raha mivondrona sy mifankatia tokoa ianareo ka maneho an'izay fiombonana izay, raha mizara hafaliana. Izany tokoa no andrasana amintsika ry Kristianina havana ary manambara fa tanteraka tokoa ny asan'i Kristy raha iray isika ary raha mivondrona isika. Fantany fa tsy mandeha ho azy izay no mahatonga azy mivavaka, mila ny fahasoavan'Andriamanitra io satria tsy eken'ny lalan'ny demony ary miara milaza mahita isika fa izay tokoa ny zava-misy eo anivon'ny fiainantsika andavanandro, eo anivon'ny fianakaviana Eglizy kely, Eglizy fiombonana. Fantantsika fa mikiky atsika ary mitady handrava ny demony. Izay no asan'ny demony ka mila fivavahana. Masindahy Paoly ao amin'ny Efezianina milaza hoe : "Mangataka eo am-pandohalihana aho ho an'ny fianakaviana hahalala ny tena fitiavana na antsakany na andavany".

Ry Kristianina havana izay no ambaran'izao hafatra amin'ny Alahady faha-fito ny Paka izao, io fiombonana io koa no zary famantarana amin'ireo manodidina atsika. **Io vavak'i Jesoa io ihany koa dia manambara sahady ny hoavy : "Ray ô, tiako hiaraka amiko, any amin'izay itoerako, ireo nomenao Ahy"** tsy ho an'ny Apostoly fotsiny no nanaovan'i Jesoa an'izany vavaka izany fa ho an'ny fiainan-koavy, ho atsika koa mba izay misy an'i Jesoa mba ho hisy atsika ihany koa. Vavaka ataontsika koa izay ary azo lazaina fa io no mahatonga an'i Md Joany ao amin'ny vakiteny faharoa (*Apôk. 22, 12-14. 16-17. 20*) miantso an'i Jesoa ho eo anivontsika hanambarany fa rehefa tanteraka tokoa izay fiombonana eto izay ilay fampitraofana ny finoana sy ny fiainana andavanandro dia lazainy ary sambatra izay manasa ny akanjony amin'ny ran'ny zanak'ondry. Izay dia midika isika miezaka mampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro, io no anadiovantsika ny fiainantsika, handresentsika ny fakam-panahy mampisaratsaraka atsika, mampitsitokotoko atsika etsy sy eroa. Ezahintsika eo anivon'ny fiainana andavanandro ny hanadiovantsika ny fiainantsika mba ho fiainana zanak'Andriamanitra, ary izay ezaka izay no anisany maha olona, matetika aho miteny an'izay. Ny biby no tsy miezaka fa raha mbola olombelona ihany dia miezaka mikatsaka mandrakariva ny tsara sy ny lavorary. Izay no mahatonga atsika manatona tsikelikely an'ilay vavaka nataon'i Jesoa ary nampianariny atsika ihany koa mba ho iray ao aminy isika.

Izany fiombonana ao aminy izany no mahatonga atsika manasa ny akanjontsika ka hitoerantsika amin'ny fiainana mandrakizay. Ny tenin'Andriamanitra voalohany (*Asa 7, 55-60*) izay mitantara sahady ny fiainan'Eglizy nanomboka tamin'ny maritirin'ny Masindahy Etienina izay nanambara ny fianany dia manadio ny akanjony tamin'ny ran'ny zanak'ondry izany hoe nijoro ho vavolombelona. Izany tokoa no anjaram-piainana Kristianina dia ny mijoro ho vavolombelona eo amin'ny fiainana andavanandro. Tahaka ny nanambaran'i Md Etienina fa eo anivon'ny voninahitr'Andriamanitra i Jesoa ka tezitra tamin'izany ireo manodidina azy nahatonga azy namono azy ary dia fantantsika araka ny voalaza amin'ny soratra masina io dia napetrany teo an-tongotry Saoly ary dia nanatrimaso izy. Fantantsika ny fijoroan'i Md Etienne ho vavolombelona izay teo anatrehan'i Saoly izay lasa Paoly taty aoriana.

Manomboka mampiditra atsika amin'ny fahaterahan'ny Eglizy izao Alahady fahafito izao, eo anivontsika tokoa i Jesoa ary fantany ny fiainantsika. Mivavaka ho antsika i Jesoa mba ilay tena maha Krisitianina atsika sy maha-Eglizy atsika izay fantatra fa tsy tiany demony sy potehin'ny demony mandrakariva dia tsy inona fa ny fiombonana. Io no vavaka nataon'i Jesoa ary aoka ho vavakantsika mandrakariva ho iray tokoa ny Eglizy, ho olo araiky tokoa isika amin'izay ny ezaka atao isanandro hanadiovantsika ny fiainantsika mba ho fiainana zanak'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fijoroana ho vavolombelona tahaka an'i Md Etienina.

Ry Jesoa Tompo ô, efa ambaranao sahady amin'izao Alahady fahafito ny Paka izao ny tena fiainanay sy ny tena fiainanan'ny Eglizy. Tsy mandeha ho azy ny fiombonana ao amin'ny Eglizy fa mila vavaka isanandro, mila ny fahasoavanao mampiombona anay, mila ny Fanahinao masina. Mangetaheta an'izany tokoa izahay ka ampiraiso ary ao aminao ny fonay ary ampiraiso ny fonay tsirairay avy. Enga anie ianao tokoa ny Fo mitepo eo anivon'ny Eglizy, eo anivon'ny fianakaviana Eglizy kely, eo anivon'ny firenenay, eo anivon'ny fiainanay, ny diosezinay ka na dia ho mafy aza ny rivotry ny fisarahana etsy sy eroa, fantatray fa ilay Fanahy masina mampiombona sy mampiray anay mandrakariva ka hahatonga anay famantaran'ny fiombonana ka hizara ny hafalian'ny vaovao mahafaly amin'ny mpiarabelona tahaka an'i Md Etienina, tahaka an'i Lucien Botovasoa izay nijoro ho vavolombelona, tahaka an'i olontsambatra Victoire Rasoamanarivo izay anjely mpiambina ny Eglizy tamin'izany fotoana izany. Ampio izahay izao ho Lucien Botovasoa, ampio izahay izao ho Victoire Rasoamanarivo amin'ny fiainanay andavanandro, ampio izahay izao ho Md Etienina hitory ny vaovao mahafaly eo amin'ny mpiara-belona aminay izahay, ho martiry manambara ny finoana eo amin'ny mpiara-belona aminay. Amen